




**Asabotsy 1 Jolay 2017**. Nankalazaina tamin'ny fomba manetriketrika tao amin'ny *« La Résidence »*
Ankerana niaraka tamin'ny solotenan'ny mpikambana sy olona nasaina 1000 mahery teo ny faha-10 taonan'ny Fikambanana Mpanao asa soa
FAFI V (Fikambanana Mpanao asa soa
ho Fampandrosoana ny Firaisana isam-pokontany eto amin'ny Boriboritany fahadimy) tarihin'ny Filoha mpanorina Andriamatoa Naivo Raholdina.



Notoloran'ny Fanjakana Malagasy mariboninahitra roa sosona izy dia:

- Chevalier de l'Ordre National

- Commandeur des Arts, des Lettres et de la Culture, de la Littérature nohon'ny asa vitany teto amin'ny firenena, indrindra ny fanandratana ny Kabary Malagasy sy ny Asa soratra Malagasy.



Azo lazaina fa reharehan'ny Mpikabary Malagasy ny Filoha mpanorina ny FAFI V, izay misahana ny sampana Kolotsaina FIMPIDIMY (Fiaraha-mientan'ny Mpikabary boriboritany fahadimy), hoy Andriamatoa Rabenirina Jean Jacques, Ministre de la Culture, de la Promotion de l'Artisanat et de la Sauvegarde de la Patrimoine, raha nandray fitenenana sy nampisalotra izany mariboninahitra izany, amin'ny alàlan'ny Fitondram-panjakana, izay niahy ny lanonana ary nitsodrano sy nankahery amin'ny asa mafy tanterahina ho tratry ny folo taona manaraka indray.

Ny Fikambanana Mpanao asa soa FAFI V dia manana sampana telo :

Ny sampana Sosialy Fanantenana izay tarihin-dRamatoa Hanitriniala Raholdina ;

Ny sampana Kolontsaina isian'ny FIMPIDIMY ;

Ny sampana Fanatanjahantena.




Nandritra ny lanonana dia nampahafantarina teo imason'ireo olona nasaina ireo birao vaovao hitantana ny FAFI V ao anatin'ny 5 taona manaraka. Betsaka ireo asa soa vitan'ny fikambanana tao anatin'izay 10 taona nijoroany izay no naseho tamin'ny horonantsary nandritra ny ora iray latsaka, ary nanamarika ny Filohan'ny fikambanana tamin'ny kabary izay nataony fa aleo ny horonan-tsary no hilaza azy satria amin'ny alalan'ny KABARY ARAHIN'ASA NO AHITANA VOKATRA, no fomba fiasan'ny Fikambanana anatanterahana ny filamatra hoe ***"MIARO sy MANASOA VAHOAKA".***

Nanamafy ny Filohan'ny fikambanana FAFI V Naivo Raholdina fa hoamafisina ary ho tohizana avo folo heny araka izay tratra ny ***"ADY amin'ny tsindrihazolena, ADY amin'ny fahantrana, ADY amin'ny fitiavan-tena sy fitsetsefana ny madinika"*** ,
satria ny filamatry ny sampana Sosialy FANANTENANA ao anatin'ny FAFI V dia ny hoe
***"AZA MANAO KELY TSY MBA MAMINDRA"***
.

Mba ahafahan'ny vahoaka mahafantatra ny asa soa ataon'ny Fikambanana sy izay mpanao asa soa rehetra satria ny *"soa fianatra dia anisan'ny asa miandry ny fikambanana amin'ny folo taona manaraka ihany koa ny ADY* , *amin'ny fahalalahan'ny vahoaka mihaino vaovao tena marina"* , ka manohana ny fahalalahan'ny mpanao gazety haneho hevitra ny tenany.



Anisan'ny nanamarika io lanonana io koa ny seho tsy nampoizina toy ny rindran-kira sy ny fampisehoan'i Poon and Co, izay fantatry ny tanora teo amin'ny sehatry ny Pazzapa, namelomany ny kalon'ny fahiny sy ankehitriny sy ny nipoitran'i Abel Ratsimba izay ray aman-dreny mponina eny amin'ny boriboritany fahadimy, fantatry ny zokiny tamin'ilay hira tsy afaka am-bavany teo aloha, *"Tsy nofiko intsony"*.











**www.madagate.org**